Malagasy Collectif. 6 jolay 2

**Hiverina eny amin'ny fokontany ny lisi-pifidianana**

Antenimierampirenena 2

**Nisavoritaka tanteraka ny teny Tsimbazaza**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 1 jolay 2023 Laharana 1449 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Tena sahirana ny tantsaha 3

**1000 Ar ny lavanila any Mandritsara mbola tsy misy mpividy ihany**

Fanokafana kongresy nasionaly 2

## Voaporofo fa lehibe sy matanjaka ny antoko TIM



Miala Rajoelina 3

## Mpitondra tsy mahavaha olam-bahoaka indrindra tao anatin'ny 60 taona

**J - 70**

Angôvo 7

## Efa tena tsy rariny intsony ny delestazin'ny JIRAMA



Depiote Jao Jean 3

## Halevina any Antanandava Antsohihy anio



**Tranga** 6

Teratany vahiny nividy mpivarotena tamin'ny vola sandoka

**Olan'ny angôvo. SIM** 7

Tena sahirana ny indostria eto amintsika amin'izao fotoana

**Daka kely**



Tsy pokon'Itaosy-Unis ireny nihogahoga an'ialahy ireny ry Boaikely a !

FANOKAFANA KONGRESY NASIONALY

# Voaporofo fa lehibe sy matanjaka ny antoko TIM

Natomboka omaly ao Tanjombato Antananarivo Atsimondrano ny kongresy nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), anio kosa ny ivo sy ny famaranana izany kongresy izany. Nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy ny sekretera jeneralin'ny antoko Rina Randriamasinoro, nambarany tamin'izany fa voaporofo izao, fa anisan'ny antoko lehibe sy matanjaka eto amin'ny firenena ny antoko TIM. Momba ity kongresin'ny antoko TIM 2023 ity, hanomboka amin'ny 10 ora anio ùmaraina eny Tanjombato. Nisy ny asam-baomiera natao omaly omaly zoma 30 jona 2023 teny amin'ny Magro Tanjombato, nanomanana ny hanatanterahana ny kongresin'ny antoko TIM 2023 ho tontosaina eny an-toerana ihany anio sabotsy 01 jolay 2023. Mazava loatra, toy ny mahazatra an'ity antoko ity rehefa manao zavatra, dia fotoambavaka no nanombohana ny fotoana vao niroso tamin'io asam-baomiera io ireo mpizaika rehetra ka ny "Collectif des élus" dia nanao ny asam-baomiera nandinihana ny hiatrehana an'io kongresy nasionaly hatao io. Misy ihany koa vaomiera iray natao handinihana ny Sata mifehy ny antoko sy ny praograman'asan'ny antoko miatrika fifidianana. Ankoatr'izay, tena ihany koa ny fanofanana nomena ny rehetra momba ny resaka fifidianana. Marihana fa mpikambana TIM manodidina ny 20.000 isa any ho any manerana ny Faritra 23 eto amin'ny Nosy no vinavinaina handray anjara amin'ity kongresin'ny TIM 2023 ity ary efa samy tonga eto Iarivo avokoa izy rehetra, ka tsy maintsy mitondra "Badge" famantarana ireo hiatrika an'izany kongresy izany hanomboka amin'ny 10 ora eny amin'ny Magro Tanjombato amin'ity sabotsy 01 jolay 2023 ity.




*Ny SG Randriamasonoro Rina teny Tanjombato omaly*

***Isambilo***

Antenimierampirenena

# Nisavoritaka tanteraka ny teny Tsimbazaza



Nisavoritaka tanteraka ny fandahjaram-potoana teny amin'ny Antenimierampirenena teny Tsimbazaza omaly. Tokony ho nahemotra omaly ny fihaonana teo amin'ireo mpanao lalàna sy ny mpanatanteraka, tsy raikitra anefa izany. Tokony ho natao koa ny fanoloana ny mpikambana sasany ao amin'ny boirao maharitr'ity andrimpanjakana ity, tsy tontosa ihany koa izany hatramin'ny fotoana nanoratanay. Raha niato kely ny fivoriana tamin'ny 1 ora sy sasany tolakandro teo, hatramin'ny 7 ora hariva mbola tsy niverina ihany. Fehiny, azo lazaina ho tsy mandeha amin'n,y laoniny ny zava-misy ao amin'ity andrimpanjakana mpanao lalàna ity eto amintsika. Tokony hifarana omaly zoma 30 jona 2023 ny fivoriana ara-potoana voalohany ny Antenimierampirenena io, rehefa naharitra 60 andro, araka ny voatondron'ny Andaniny faha-75 ao amin' ny Lalampanorenena malagasy, milaza fa « Mivory ara-potoana indroa isantaona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro. Manomboka ny talata voalohany amin' ny volana mey ny fotoampivoriana voalohany, ary ny talata fahatelo amin'ny volana oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa, izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana". Ankoatra izany, ny andininy faha-102 andalana faha-2 amin'ny Lalampanorenana no mamaritra ny fifanatrehan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka, fotoana atokana ho an'ny fanontanian'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena sy ireo valiny avy amin'ny Governemanta. Voahosihosy ny lalàna sy ny lalampanorenana ao Tsimbazaza. Hoi arahantsika eo ihany ny ho tohiny.

***Niaina***

Malagasy Collectif. 6 jolay

# Hiverina eny amin'ny fokontany indray ny lisi-pifidianana

Hiverina eny anivon'ny fokontany manerana ny Nosy indray ny lisi-piufidianana ny 6 jolay ho avy izao, noho izay antony izay, mbola manentana ny rehetra amin'ny resaka lisi-pifidianana sy fifidianana ny Malagasy Collectif any dilambato : « olompirenena ianao, manana zo ary manana adidy ihany koa. Hanomboka ny 06 JOLAY izao ary dia: miverina any amin'ny biraom-pokontany ny lisitra, ka misoratra anarana aho raha tsy mbola nanao izany. Manamarina ny anarako aho. Mametraka fitarainana aho raha tsy tafiditra izany. Manao fanoherana aho raha tsinontsinoavina ny zo-ko. Olompirenena vanona ianao, mandraisa andraikitra mba tsy ny hafa no hanao izany amin'ny toeranao, » hoy ny fanambarana.



***Stefa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fidiram-bola tsy milamina
## **Fiainam-pianakaviana mikorontanaa**

Re tato ho ato, fa mikorontana ary tsy mandeha amin'ny laonina ny fiainam-bahoaka araka ny feo sy hafatra voarain'ny gazety. Tsorina hoy izy ireo, fa volana jona hafakely tokoa nefa mba tokony hanana ny lazany iny volana mamarana ny tapa-taona 2023 iny, izay nandrasan'ny maro, fa mba hahitana tombontsoa nefa dia nikororosy fahana hatrany raha ny vaovao hita sy re teny rehetra teny. Teo amin'ny lafiny fiaraha- monina, dia niha-nidangana ny vidimpiainana, nisondro-bidy avokoa ny entam-barotra isan-karazany ilaina andavanandro, ka tsy ampy nividianana sainam-pirenena intsony ny vola teo ampelatanana na dia te-hanao izany aza, ka zary lasa sadasada ny fotoam-pankalazana ny fetim-pirenena. Tsy nisy sakafo sahaza ho an'ireo maro anaka toy taloha intsony, satria ny akoho iray aza efa 2alina Ar vao mahazo izay metimety, ny vorontsiloza dia tsy latsaky ny 120000 Ar intsony koa, mba hanaovana fiarahan-komana hanamarihana ny fetim-pirenena 26 jona na ilay faha-63 taonan'ny fahaleovantena, ka dia natao tamin'ny fomba tsotsotra fotsiny ihany.
Nisy ireo zanaka na zafikely mba afa-panadinana CEPE hoy ny hafa taminay, nefa dia nodian-tsy hita, satria tsy misy na kadoa kely na anjara azo atolotra azy ireny, mba ho fampaherezana sy ho tsiahy aratantaram-pianakaviana, noho ny vola tsy ampy sy ny fiainana efa tsizarizary tato ho ato. Teo koa ireo nilaza fa ny jiro sy rano, dia toa vonjy tavanandro hatrany, satria, ny 25 sy 26 jona fotsiny ihany, no mba nisy noraisina, fa ny ankoatr'izay dia ny omaly tsy niova ihany, tapatapaka ny jiro, simba ny fitaovana, ny rano dia zara raha mandeha, tsy afaka nisasa sy nidio na nanadio ara-dalàna. Ny arendrina sy ny kilalao mora vidy sasantsasany moa dia fankalazana 2 alina fotsiny hatrany, fa tsy nisy tohiny intsony raha vao nigadona ny andro talata 27 jona, izay mbola tokony hampiasaina hitsinjovana ny alarobia 28 jona fetin'ny silamo andro tsy fiasana nefa mba handraisan-karama hoy ny maro.
Ry zareo mpitondra fahefana aza moa hoy ny vahoaka, dia efa tandrevaka tanteraka, satria tsy tontosa amin'izay tokony hanaovana azy ny fihaonana tokony hatao eo amin'ny roa tonta : ny governemanta sy ny Antenimierampirenena, mihemotra tsy ara-drariny ny fotoana ka tojo amin'ny hala-tsonia vitsivitsy, sy fitaka ifanaovan'ireo samy solombavambahoaka, ka lasa sadasada.
Raha fintinina hoy ny maro, ratsy ny salan'isa ny fotoam-pankalazana, mbola hafa ny "fahiny ", natao am-pitiavana sy finiavana tanteraka ny fotoam-pankalazana, satria mbola ampy vola ny ankamaroan'ny vahoaka, ka tsy nisalasala ny nividy saina eny an-tsena, nitady izay sakafo tsara sy mahasoa, na kilalao ho an'ireo taranaka ary koa nahavita nivoaka naka rivotra kely, mba ho fankalazana ilay 26 jona hatrany. Na izany na tsy izany, daty tsy hay adinoina ara-tantara ho an'ny mpiray tanindrazana foana ny fetim-pirenena 26 jona.

***Beharo***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miotisoa R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. J- 70

# Mpitondra tsy mahavaha olam-bahoaka indrindra tao anatin'ny 60 taona

Ataon'izao fitondrana izao tokoa ny tsy mbola nataon'ny mpitondra nifandimby tao anatin'ny telo ambienimpolo taona. Mitodika aty Madagasikara ihany koa ny mason'izao tontolo izao, tsy noho ny fahombiazana na noho ny firoborobon'ny toekarena na noho ny fisondrotry ny faripiainan'ny vahoaka na noho fisitrahan'ny olompirenena fitsaboana aradalàna na noho ny fisian'ny asa mihoatry ny filàn'ny tanora, na noho ny fampianarana tena mifanandrify amin'ny filàn'ny ankizy, fa noho ny fiatrehan'ny Firenena krizy eo amin'ny sehatra rehetra noho ny tsy fananan'ny fitondrana Rajoelina Andry Nirina ny haavon'ny fahalalana sy ny tsy fahaiza-manao eo amin'ny sehatra rehetra ary ny tsy fahampian'ny traikefa ara-pitantanana sy fanaovana politika. Ity no fitondrana tsy mahavaha olam-bahoaka indrindra tato anatin'ny 60 taona, soa ihany fa efa 70 andro sisa ijanonany eo : J- 70. Tsy mitsahatra manara-maso ny fivoarana sy fanatanterahan-dRajoelina Andry Nirina ny IEM niova ho PEM sy nivadika ho Plan Marsall izay mirazotra tamin'ny velirano ny mponina manerana ny Nosy nandritra izay dimy taona izay. Nijery taty Madagasikara ihany koa izao tontolo izao, satria liana dia liana tamin'ity tetikasa ity sy ny nilazan-dRajoelina Andry Nirina, fa tsy hiantehitra amin'ireo mpamatsy vola mahazatra satria tsy hampandroso an'i Madagasikara ireo na amin'ny taona 2060 aza, kanefa dia iaraha-mahita ny fiainan-dRamalagasy ary tsy mitsahatra ny mandadilady mangata-bola sy mitrosa etsy sy eroa ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, satria milentika ao an-davaky ny fahantrana sy ny krizy maro lafy tanteraka ny Firenena. Ny gasy koa etsy an-kilany dia efa « mihinana ny tsy fihinany », araka ny fahitan-dRajoelina Andry Nirina ihany, kanefa tsy mahatsiaro tena ho tomponandraikitra amin'izany toe-draharaha izany izy, fa manilika ny tsy fahombiazany amin'ireo lazainy fa mpamadika izay « mitabataba sy mivovoa » eny rehetra eny, araka ny filazany ihany. Roa herinandro izao dia mifantoka amin'ny toe-draharaha misy eto Madagasikara ny liam-baovao rehetra. Etsy an-daniny ny vaovao momba ny fifidianana filoham-pirenena izay mbola tsy mazava loatra ny fanatanterahana azy noho ny olana ara-bola sy ny tsy fahatokisan'ny mpanao politika ireo rafitra roa miandraikitra amin'izany dia ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI), sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC). Toa manamafy izany ny tsy mbola fahasahian'ny fahefana mpanatanteraka mamoaka Didim-panjakana manaika ny mpifidy amin'ny daty naroson'ny CENI, efabolana aty aoriana. Manamafy ny tsy fananan'ny mpitondra vola hoentina manatanteraka ny fifidianana ihany koa ny mbola fiantehերana amin'ilay « basket fund) satria vao omaly ny omaly no niresaka momba io teny lavoloha ireo mpamatsy vola mahazatra izay tena tsy marisika firy amin'ny fanohanana ara-bola izao fitondrana izao, noho ny tari-drano ankilahila nataony tamin'ny fanampiana rehetra azony, indrindra tamin'ny valanaretina Covid-19. Mirazotra amin'ity resaka fifidianana ity, ka mampitodika ny mason'izao tontolo izao aty Madagasikara ihany koa ny fisitrahan-dRajoelina Andry Nirina ny zom-pirenena frantsay. Raha araka ny lalàna manankery eto Madagasikara anefa dia very ny zo maha olompirenena malagasy ny teratany iray raha mangataka ka mahazo zom-pirenena vahiny iray izy. Tsy azo iadian-kevitra izany fa fampiharana azy no tanterahina. Tsy mitombona ny fiarovan'ireo mpomba an-dRajoelina Andry Nirina izay milaza fa: mandova ny zo avy amin'ny raiben'ny raibeny nanana zom-pirenena frantsay Rajoelina Andry Nirina kanefa tsy misy toko na andin-dalàna mirakitra izany. Misy koa ny miteniteny foana ara-diplomatika no nahazoan-dRajoelina Andry Nirina ny zom-pirenena frantsay kanefa tsy ny fisian'ny fifandraisana ara-diplomatika dia ahazoana izany. Na izany na tsy izany dia samy miaiky izany ny rehetra na ny ao an-dapa na ny mpanohitra, fa mizaka ny zom-pirenena frantsay Rajoelina Andry Nirina, fa tsy sahy nilaza izany tamin'ny fomba ofisialy ho fantatry ny vahoaka Malagasy. Azo heverina ihany koa fa izany no nampisalasala azy tamin'ny firotsahana kandidà ho filoham-pirenena ny taona 2018, noho ny nahafantarany fa tsy mahazo milatsaka izy amin'ny maha vazaha azy, saingy azo antoka fa nisy nanome toky azy fa tsy ho fantatry ny Malagsy izany. Mety ho ny tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany satria niarahanahita sy naheno ny nilazan'ny filohan'ity Andrimpanjakana ity tamin'izany, fa ny tahotra ny nisian'ny korontana teto amin'ny Firenena no namoahana ny Didy tsy azo ivalozana fa Rajoelina Andry Nirina no lany. Mpamadika Tanindrazana sy mpamita-bahoaka araka izany Rajoelina Andry Nirina, ka tsy mendrika ny toerana misy azy ary tokony hanambara ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, fa tsy mahazo milatsaka kandidà izy amin'ny fifidianana ho avy izao ary tokony ho raràna tsy hampandry adrisa intsony. Na izany na tsy izany dia efa 70 andro sisa dia tsy maintsy hametra-pialana Rajoelina Andry Nirina araka ny efa voalaza teo ary azo inoana fa mahatsiaro tena ho main'ny afo natsangany avokoa ireo rehetra nandatsa-bato ho azy.

***Andry Tsiavalona***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tena sahirana ny tantsaha

## 1000 Ar ny lavanila any Mandritsara mbola tsy misy mpividy ihany



**André Razakasoa :** 1000 Ar amin'izao fotoana ny vidin'ny lavanila verte 1 kg aty Mandritsara mbola tsy misy mpividy ihany.

**Mamy Mahefa Rabena :** niverina namboly mihintsy ny tenako ato, fa hitako foana ny hanaovana an'io rehefa tsy manana solution ny fanjakana.

**Melisoa Aimée Raz :** andraso ho vokatra.

**Fysto Tchek :** tena marina ny anao, azoko antsaina ny hataonao fa ny mpamboly sasany ôtrany kamo te hahazo vola ka tsy mampiasa Saina.

**Melisoa Aimée Raz :** mba omeo sopap.

**Mi Rah :** rehefa manao zavatra tonga dia au fond zoky raha te ho lasa lavitra.

**Fysto Tchek :** dia iza no hividy ilay produit fini?

**Mi Rah :** mbola vitsy dia vitsy ny malagasy manjifa, fa tsotra ny solution dia ny fanafoanana ny monopole amin'ny exportation.

**Lalaina Rakotoarisoa :** tsy vaindohan-draharaha ho an'ny any ivelany aloha izany vanille izany izao. Mbola ny semi-conducteur, nikela, vy, aluminium, solika, sy izay tena mahamaika @ fanarenana aloha izao no tadiavin'izao tontolo izao, hany ka tsy dia misy mpitady izany ny lavanila eran-tany. Vokany, tsisy tinady, mianjera ny vidiny. Izay no tokony hananantsika voly avotra hafa na sehatra hafa. Lasa mijaly isika ary tokony ho eritreretina izany.

**Sitraka Andrianjanahary :** solution n°13, hihihiiiii !

**Ratsimba Ny Arintsoa Anthony :** merci président, mpanenjika toujours afara. Solution N°13, patsi patsa... Nihinan'ny IEM-any daholo amin'izay vao tonga saina sa mbola ampiana... Any izay Andry e!

**Philibertine Raharifidimalala :** andrahoy dia avelao ao hiandry vidiny tsaratsara kokoa amin'ny manaraka.

**Fulhane Dit Rbnt :** manao stock no solution...

**Mah Ilo :** dia Mandritsara ve ny sainareo ry mpitondra fanjakana?

**Athanase Athanage :** anakory fiainana ty ? Mijaly tantsaha.

**Finaritriniaina Manantsoa :** f'angah nareo mbola mamboly vanille foana eh ? Efa hoe artemisia am'zay ambolena ouzy prezidà.

**Gregoire Mahafaka :** fitondrana tsy manana solution amin'ny fiainam-bahoaka ny pouvoir Rajoelina. Lay ministre de l'industrie et commerce koa tena tsy à la hauteur !

DEPIOTE JAO JEAN

# Halevina any Antanandava Antsohihy anio



*Ny fahatongavan'ny nofo mangatsiakan'ny depiote Jean Jean tany Antanandava ny alakamisy hariva teo.*

Anio no halevina any amin'ny fasan-drazany any Antanandava distrikan'Antsohihy faritra Sofia, ny nofo mangatsiak'ny depiote Rémi dit Jao Jean, solombavambahoaka anisan'ny ela niasana indrindra ho an'ny vahoaka, tao Tsimbazaza, sy tany amin'ny toerana nahavoafidy azy, any amin'ny distrikan'Antsohihy. Nandrasana tany Antanandava ny nofo mangatsiakany hatramin'ny omaly alina, vory maro ny vahoaka, nanotrona ny razana farany. Anisan'ny nahafantarana ity olom-boafidy ity koa, ny nanolorany tolo-dalàna momba ny fanaovana ho ara-dalàna ny toaka gasy tamin'izany fotoana. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany manontolo, sy ny vahoakan'ny distrikan'Antsohihy sy ny faritra Sofia. Mandria am-piadana depiote Jao Jean.

***Ny Valosoa***

## TONONKALO

### TGV : tena gasy sa vazaha ?

Tena Gasy sa Vazaha ? izany no malaza indray
Mikasika an'ity filoha izay tsy hay na hoe frantsay.
Akaiky fetim-pirenena no indro itrangan'izany,
Inoana fa tsy tonga ho azy na kisendrasendra ihany !

Tena Gasy sa Vazaha ? izany no malaza indray.
Manjary vaovao mafana ka ny tohiny tsy hay,
Satria dia efa tena miely sady tena miparitaka,
Ka tsy vitsy no mahatsiaro ho voasoloky sy voafitaka !

Tena Gasy sa Vazaha ? izany no malaza indray,
Momba ilay mpanao haiady izay mirehaka ho mahay.
Sao kianja fampiadiana akoho no tena kianja nandreseny,
Ary akoho vazaha ity izy fa tsy gasy ray sy reny ?

Tena Gasy sa Vazaha ? izany no malaza indray .
Ny tohiny no hanambara fa tsy ho ela dia ho fay
Ity ilay tary mpieboebo nefa tena tsisy hapoaka,
F'efa atao fanalana andro , fihomehezan'ny vahoaka !

***IRINA HO TAFITA (23-06-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanokafana ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM tao Tanbjombato omaly.





Ny fizarana badge ny mpizaika tao Bel'Air.





Ny fahatongavan'ny dselegasiona sasany avy any Mahajanga hiatrika ny kongresy nasionaly.





Ny solontena avy any amin'ny faritra Sava, miatrika ny zaikabe ao amin'ny Magro Tanjombato.





## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Tsy mivily va izay manao asa ratsy? Fa famindrampo sy fahamarinana no ho an'Izay manao asa tsara."*

***Ohabolana 14:22***

### FIBA Coupe du Monde U19 Hongrie 2023

# Lalao farany nataon'ny Ankoay Malagasy omaly

Omaly zoma 30 jona 2023 alina, no niatrika lalao farany fiadian-toerana amin'ny fifaninanana basikety « FIBA Coupe du Monde U19 2023 », izay tontosaina ankehitriny any Debrecen Hongrie, ny ekipan'ny ny Ankoay U19 Malagasy, rehefa nihintsana teo amin'ny lalao ampavalon-dalana natrehany tamin'ny alarobia 28 jona lasa teo, raha nihaona tamin'ny ekipan'i Frantsa ry zareo. Ny ekipam-pirenen'ny basikety lehilahy U19 avy any Corée Atsimo no nifanandrina tamin'ny Ankoay farany tamin'io omaly zoma io. Marihana fa tamin'io omaly io ihany koa, no nanatanterahana an'ireo lalao 1/4-dalana rehetra amin'ity fifaninanana ity, ka nifanandrinan'i Espagne # Argentine, Canada # Turquie, États-Unis # Japon, France # Serbie. Rahampitso alahady 02 jolay 2023 no hifarana tanteraka ity fifaninanana basikety U19 fiadiana ny ho tompondaka eran-tany 2023 ity.



*Ireo teratany Malagasy nanotrona ny Ankoay tany Hongrie.*

***Rainilita***

### "Orange Pro-League 2022-2023"

# Famaranana : As Fanalamanga sy ny Fosa Juniors Fc



*Ny ekipan'ny Fc Fanalamanga tetsy amin'ny By-Pass.*

Famaranana Orange Pro-League : ny As Fanalamanga Alaotra Mangoro, izay nandavo ny ekipan'ny Cosfa Football Analamanga 1 - 0 teo amin'ny kianja "Elegeco Plus Stadium By-Pass" tamin'ny lalao miverin'ny ankatoky ny famaranana "Orange Pro-League 2022-2023" natao tamin'ny alarobia 28 jona 2023 teo, no hihaona amin'ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc, izay fantatra fa efa nanilika ny ekipan'ny Ajesaia Bongolava tamin'ny alahady 25 jona 2023 teo tany Mahajanga. Rehefa natambatra mantsy ny isa azon'ny As Fanalamanga sy Cosfa tamin'ny lalao mandroso sy miverina dia nanome ny 1-0 hatrany, ka io no nahatonga ny fahatafitan'ny ekipan'i Moramanga amin'ny lalao famaranana.

***Rainilita***

### Tompondakan'ny rugby à XV U20 2023

# Raikitra any Afrika Atsimo nanomboka tamin'ny sabotsy lasa teo


Nanomboka tamin'ny sabotsy 24 jona 2023 lasa teo any Afrika Atsimo, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy 15 jolay 2023, ny fifaninanana rugby fiadiana ny ho tompondaka eran-tany sokajy latsaky ny 20 taona andiany faha-13. Ekipam-pirenena miisa 12, nozaraina ho vondrona 4 no mandray anjara amin'ny fifaninanana (France, Pays de Galles, Nouvelle-Zélande, Japon, Autralie, Angleterre, Irlande, Fidji, Afrique du Sud, Argentine, Italie, Georgie), ka ny tanànan'i Paarl, Wellington sy Stellenbosch no voafidy handray an'ireo lalao rehetra. Voka-dalao andro 1 sy andro faha-2 (24 sy 29 jona 2023) : Pays de Galles 26 – 27 Nouvelle-Zélande, France 35 – 14 Nouvelle-Zélande, Pays de Galles 41 – 19 Japon, Angleterre 34 – 34 Irlande, Australie 16 – 37 Fidji, Australie 10 – 30 Irlande, Argentine 43 – 15 Italie, Afrique du Sud 33 – 23 Géorgie, Afrique du Sud 36 – 34 Italie, Argentine 00– 20 Géorgie.



*Ireo kapitenin'ireo firenena 12 any Afrika Atsimo.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Kotoleta sy ovy frity ary lasary voatabia na lasary tômaty indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Manasitrana ny diabeta ny voankazo : rotra.

Zavatra-ilaina : rotra na jamblon.

Fomba-fikarakarana-azy :

Esorina ilay voany ao anatiny rotra na jamblon teo, ka avela ho maina amin'ny masoandro ary totoina ho lasa vovony. Rehefa vita izay, dia arotsaka ao anaty rano mafana, (tsy mafana be akory)izay vao azo ampiasaina.

Fomba-fampiasana-azy :

Sotroina miaraka amin'ny faikany 1 vera ny maraina sy ny hariva.

1sotrokely no atao anaty rano 1vera.

Faharetan'ny-traitement :

Mandritra ny 20 andro misesy dia mihena ny tahan'ny siramamy izay mampirongatra ny aretina diabeta.


Fanamarihana : marihina fa tsy misy effet secondaire mihitsy ity akora natoraly ity.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andekaleka distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'Andekaleka distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andekaleka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Lalovan'ny lalamby mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina (TCE) ity tanàna ity. Vokatra any ny voankazo isan-karazany : akondro, longoza, letchi, manga. Ny vary, ny haninkotrana : toy ny mangahazo, katsaka, vomanga. Mampalaza an'Andekaleka ny foibe famokarana angôvon'aratra ao aminy, mamatsy rianaratra an'Antananarivo sy Toamasina ihany koa.



FAHASALAMANA

# Manatsara ny fanangonana torohay eto Madagasikara i Etazonia

Manatsara ny fanangonana torohay momba ny fahasalamana eto Madagasikara i Etazonia. Olom-pirenena maherin'ny 7 tapitrisa, no nahazo tombontsoa tamin' ny fanatsarana ny rafitry ny torohay ara-pahasalamana.
Nanampy ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka eto Madagasikara ny fanohanan'ny governemanta amerikanina nandritra ny 3 taona ny fanamafisana ny rafitry ny torohay ara-pahasalamana eo anivon'ny tobimpahasalamana fototra miisa 80, ka nahafahana nitsabo marary miisa 7,3 tapitrisa. Nanomboka tamin'ny taona 2020, ny tetikasa Measure Malaria, izay tohanan'ny Vinan'ny Filoha Amerikana amin'ny Ady amin'ny Tazomoka (PMI) dia nanofana mpiasan'ny fahasalamana sy mpikirakira torohay avy amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka miisa1.800, mba hanangona sy hamakafaka ireo antontanisa sy angon-kevitra hitarihana ny politikam-pahasalamana, ireo fandaharanasam-pahasalamana ary ireo tolotra ara-pahasalamana.
Tantanan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID), ny tetikasa dia nitentina 5 tapitrisa dolara amerikana ary nanampy ny Ministera hanangona sy hamakafaka ny torohay avy amin'ny sehatra tsy miankina ary koa hanara-maso sy hanatsara ny paikady nasionaly momba ny ady amin'ny tazomoka. Eto amin'ny faritra Analamanga fotsiny ohatra dia hopitaly tsy miankina miisa 20 no efa mampiasa mivantana ny rafitry ny torohay ara-pahasalamana elektronika napetraky ny tetikasa.
Nandritra ny lanonana famaranana ny tetikasa natao ny 22 jona lasa teo, dia nanamarika ny Tale Mpisolo Toerana ny Biraon'ny Fahasalamana, Mponina ary Fanjariantsakafo eo anivon'ny USAID/Madagasikara, David Parks, fa na dia eo aza ny fahombiazan'ny tetikasa PMI Measure Malaria, sy ireo famatsiam-bola nentin'ny PMI nandritra ny taona maromaro, dia mbola betsaka ny ezaka takiana amin'ny fanafoanana tanteraka ny tazomoka eto Madagasikara.
"Ny fahafahana manangona sy mamakafaka ireo torohay momba ny fahasalamana dia manamora ny fandraisana fanapahan-kevitra hanatsarana ny fahasalaman'ny mponina," hoy i David Parks. "Nandray anjara lehibe ny PMI Measure Malaria, mba hiantohana ny fahombiazan'ny mpiasan'ny fahasalamana."
Ny tetikasa koa dia nanampy ny mpiasan'ny Ministera hanao jery todika sy hanara-maso ny fanangonana sy famakafakana torohay eny anivon' ny faritra, distrika ary vondrom-piarahamonina, mba hifehezana ny tazomoka sy hampiroborobo ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ny fandrindrana ny fianam-pianakaviana ary ny fanaovambaksiny.
Noho ny fanohanan'ny PMI dia nampihena 2,3 tapitrisa ho 1,7 tapitrisa ny isan'ny voan'ny tazomoka voamarina tamin'ny taona i Madagasikara, ka nidina maherin'ny 25 isanjato izany ary nanavotra aina sy nihazona ny vahoaka Malagasy ho salama sy hamokatra ho fampandrosoana ny firenena.
Ny PMI Measure Malaria dia tarihin'ny Oniversiten'i Caroline du Nord ao amin' ny Chapel Hill manerantany, ary tanterahin'ny ICF Macro Inc. sy John Snow Inc eto Madagasikara.
Toy ny " mpirahalahy mianala, " ny vahoakan'i Etazonia dia miara-dia amin'ny vahoakan'i Madagasikara amin'ny fifehezana ny tazomoka ka nanome 26 tapitrisa dolara amerikana tamin'ny taona 2022 sy 383 tapitrisa dolara amerikana nanomboka tamin'ny 2008, hoy ihany ity tompon'andraikitry ao amin'ny USAID eto amintsika ity.



*Anisan'ny tompon'andraikitra ao amin'ny USAID eto Madagasikara.*

***Aly***

Fifidianana seksiônan'ny baolina kitra

# Nahemotra amin'ny heriny ny sasantsasany

Anio sabotsy 30 jona sy rahampitso alahady 01 jolay 2023 no hanatanterahana ny fifidianana ny mpitantana seksion'ny baolina kitra vaovao eto Madagasikara. Nambaran'ny vaomiera misahana ny fifidianana "Commission electorale"sy ny vaomiera misahana ny fandraisana fitarainana sy fitoriana rehetra amin'izany fifidianana izany "Commission de recours" tamin'ny alakamisy 29 jona 2023 teo anefa fa misy ampahany amin'ireo fifidianana ho tanterahina no voatery hahemotra amin'ny sabotsy sy alahady heriny noho ny antony ara-teknika sy noho ny fitoriana samihafa niseho tetsy sy teroa. Manomboka indray, araka izany, ny disadisa miseho lany eo amin'ny fitantanana an'ity baolina kitra Malagasy ity noho ny kajikajy sy paipaika samihafa miseho lany hatrany rehefa fifidianana tahaka an'izao. Tokony mba efa hovana tanteraka amin' izao fotoana izao izay fomba fanao mamoehatra izany fa tsy mampandroso ny baolina kitra Malagasy mihitsy amin'ny ankapobeny izay efa mba niakatra any amin'ny laharana faha-109 indray ankehitriny, araka ny laharana navoakan'ny FIFA farany.



*Ireo mpikarakara fifidianana ao amin'ny FMF.*

***Rainilita***

Tranga

# Teratany vahiny nividy mpivarotena tamin'ny vola sandoka

Tranga iray mampalahelo sady mampihomehy no nitranga teny Soamanandrariny Antananarivo afak' omaly. Teratany vahiny iray no nividy mpivarotena tamin'ny vola sandoka rehefa vita ny nataon'izy ireo.
Vola sandoka 10.000 Ar no nomen'ilay lehilahy, izay teratany Kameroney an-dravehivavy, ho saran'ny fiarahan'izy ireo natory tamin'ny alakamlisy alina.
Nahatsiaro tena ho voafitaka ilay tovovavy rehefa nahatsikaritra, fa vola sandoka no azony, ka nigogogogo sy nitomany teo amoron-dalkana. Tamin'izay no nahitan'ny zandary azy. Taorian'ny fikarohana nataon'ny zandary avy ao amin'ny Poste Avancé Soamanandrariny dia tratra ilay lehilahy omaly zoma maraina ihany.
Sarona niaraka taminy koa ny ody ratsy maro sy ny karatra FITETA : Fikambanan'ny Leo Fahantrana, izay voalaza fa hosoka ihany koa.

***Niaina***



*Ilay teratany Afrikana tratra nampiasa vola sandoka.*

Rugby Malagasy

# Hitohy indray ireo fifaninanana lahy sy vavy

Hitohy anio sabotsy sy rahampitso alahady eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka indray, ireo fifaninanana rugby fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 lahy sy vavy. Fandaharan-dalao anio sabotsy 01 jolay 2023 (fidirana bôjo) : "Championnat de Madagascar Dames 1ère Division et 2è Division 2023" : 12 :00-(D2) SCB Besarety # XV Red Tanjombato, 14:00-(D1) Rcts Soavimasoandro # Ftfa Antohomadinika. Rahampitso alahady 02 jolay 2023 « Championnat Elite Federale de Rugby XXL Energy Top 20 » : 09:00-Ftm Manjakaray # XV Fa Ampasika, 11:00-Uscar Commune # Us Ikopa Andohatapenaka, 13:00-3Fb Fahasalamana # Scb Besarety, 15:00-Tfma Ankasina # Usa Ankadifotsy.

***Rainilita***



*Rugby vehivavy Malagasy.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tsiory R.**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 01/07/2023 hatramin'ny 08/07/2023**

- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 79 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1449-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**OLAN'NY ANGÔVO. SIM**

# Tena sahirana ny indostria eto amintsika amin'izao fotoana

Araka ny nambarann'ny filohan'ny SIM : Sendikan'ny Indostria eto Madagasikara, Tina Rasamimanana, tena sahirana dia sahirana ny indostria eto amintsika amin'izao fotoana. Mahakasika izay hoy izy, efa nisy antso avo natao tany amin'ny filoham-pirenena sy ny ministera tompon'andraikitra, nefa tsy hita izay vahaolana. Voalazany fa ny 80% ny orinasa malagasy anefa no efa mba tafarina, taorian'ny fandalovan'ny COVID-19 teto amintsika. Misedra fahasahiranana indray izy ireo ankehitriny, satria amin'izao fotoana rehefa mipetraka ny delestazy : adiny 6, adiny 8 dia mazava ho azy fa tsy tafarina ny orinasa. Lasa tafakatra avo 2 na avo 3 heny ny vidin'ny entana satria mampiasa gropy, izay afaka mampiasa gropy, ny tsy afaka mampiasa kosa dia tsy afaka mamokatra kanefa tsy maintsy mandoa ny karaman'ny mpiasa. Ny 75% ny orinasa malagasy anefa dia miasa amin'ny sehatra tsy manara-dalàna avokoa na « informel », sady orinasa madinika avokoa ny ankamaroany. Noho izay antony izay, nanangana ny « centre de gestion agrée » ny SIM, miara-miasa amin'ny PNUD, fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana, hanampiana ireo orinasa hiditra amin'ny sehatra ara-dalàna.



*Ny filohan'ny SIM, Tina Rasamimanana.*


***Aly***

Angôvo"

# Efa tena tsy rariny intsony ny delestazin'ny JIRAMA

Efa tena tsy rariny intsony ny delestazin'ny Jirama ity. Mamely mafy sy tena mampijaly ny rehetra tokoa amin'izao fotoana ny delestazy izay. Ny zava-mitranga : mandeha kely ny jiro dia tapaka, mandeha kely dia tapaka, dia avy eo tena tapaka elabe mihitsy. Tena manimba fitaovana isan-karazany, manimba ny fihariana ihany koa ho an'ny fitadiavana izay tsy maintsy miankina amin'ny rianaratra ny asa atao. Amin'izao fotoana dia mitady olona tena hamaha tanteraka izany olana izany ny orinasa Jirama, araka ny tapaka tamin'ny filan-kevitry ny ministra ny alarobia teo. Io dia voalaza fa olona tena mahay, hitondra ny paikady rehetra ho famahana ity olan'ny resaka angôvo eto amintsika ity, nantsoin'izy ireo amin'ny hoe « manager de redressement » ny orinasa. Dia manontany tena ny maro, hahavaha olana tokoa ve izany olona izany, efa betsaka ihany izay tompon'andraikitra nifandimby nitantana ity orinasa ity izay ary heverina fa tena manana traikefa ho amin'izany nefa tsy mivaha hatreto ny fahatapatapahan-jiro. Raha ny marina, tsy olona no olana amin'ity olan'ny Jirama ity, fa ny avy any an-tampony mihitsy no tena matsatso tsy mahavaha olana, ka dia miitatra hatrany ambany ilay olana dia tsy voavaha intsony. Raha tsy ailika any amin'ny tsy fahampian'ny fiara mitondra solika ny olana, dia any amin'ny papangon'ny ankizy milalao, vao omaly indray dia hoe nisy andiam-borona nanapaka izany jiro izany. Efa tsy hitan'ireo tompon'andraikitra intsony ny anilahana. Ny mety amin'izao fitondrana Rajoelina izao dia ny manaja tena miala ihany, fa tena efa tsy izy intsony mihitsy.


***Stefa***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 435**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0434)

***Mitsivalana***
- Tetezana
- Ela – Van(o)
- Zazakely
- Mioty (miv) – Ma (miv)
- Na – Aza
- Lainga (miv)
- As – Aba

***Mitsangana***
- Tezitra
- Tale (miv)
- Tazana
- Ainga
- KM – NB
- Eva (miv) – Aia
- Nalaza
- Alamina (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 435




**Mitsivalana**

**1.** Maka tsy miera **2.** Milaza fotoana – Sitrika **3.** Vadin-janaka **4.** Marika (miv) – Aro orana **5.** Tanimboly **6.** Tovana – Mangataka (miv) **7.** Firavaka **8.** Maharitra – Fifanarahana (miv) **9.** Haja sy voninahitra – Fotoana lasa **10.** Vaventy, bota (miv) – Aotra

**Mitsangana**

**A.** Mihodinkodina **B.** Tsy ahy, tsy anao – Teny, tafa (miv) **D.** Nandefa olona **E.** Voankazo – Maneho olo-masina **F.** Nitsotsorika **G.** Nianjera – Tsofoka **H.** Akàna vao mitombo – Fanekena – Tovona (miv) **I.** Solfa – Vimbinina **J.** Làlam-pirenena – Aro moka – Menaka **K.** Atsahatra – Meva

## Valiny Teny mifanaraka 0434

**Mitsivalana**

**1**.Fitarafana **2**. Anaranao **3**. Naoty - Bà (miv) **4**. Li(sitra) - Voina **5**. Roaka - Sir(a) **6**. Tarika **7**. Nanontany **8**. Alamo - ST **9**. Tara (miv) - Sa **10**. Koba (miv) - Kitay

**Mitsangana**

**A** Fanorona **B**. Ina - Bala (miv) **D**. Taolagnaro **E**. Kitra (miv) - Kamo (miv) **F**. Ray - Tonta (miv) **G**. AN - Ta (miv) **H**. Fako - Ratsy H. Fako - Ratsy **I**. Ao - Nisy (miv) - (V)at(a) **J**. Sikinina (miv) **K**. Ambara - Tay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Natomboka tamin'ny fotoam-bavaka ny fotoana omaly, tao Tanjombato, nandritra ny asam-baomiera nahafahana nanomana ny kongresy nasionaly hatao anio sabotsy 1 jolay 2023.**







**Solontena avy any amin'ny faritra, nandray fitenenana tao Tanbjombato.**



**Nitondra ny fiarahabana ireo mpizaika ny filohan'ireo mpanolotsaina sy ben'ny tanàna TIM, Christian Andrianjafy.**





**Mpizaika sasany tao Tanjombato.**



